# TORITENY - FIANAKAVIANA MASINA - TAONA A 2025

***Mifohaza ianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny***




Ry Kristianina havana, mankalaza manokana ny Fianakaviana Masina isika androany dia ny fianakaviana nisy an'i Jesoa, Maria ary Josefa ary anio koa araka ny hafatr'i Papa no hamaranana ny taon-jobilin'ny fanavotana ka hanakatonana ny Varavarana Masina. Ny Varavarana Masina no mikatona fa ny fanantenana nentin'ny fankalazana mitohy satria "tsy manodoka ny Fanantenana dia i Kristy izay tonga eo anivontsika". Tsy mahagaga raha alahadin'ny Fianakaviana Masina no hanakatona azy ary isika izao no misolo ny fianakaviana rehetra manambara na dia eo aza izao krizy mafy dia matoky isika fa miara-dalana amintsika ka ho tonga amin'ny tena fiainana isika mianakavy. Tsy afenina tokoa fa marary ny fianakaviana ka mila ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Raha marary ny fianakaviana dia marary ny fiaraha-monina, marary ny firenena. Ndeha ankinintsika miaraka amin'ny Fianakaviana Masina ny fianakaviantsika mba ho sitranin'Andriamanitra ary ny firenentsika maniry izao fanavaozana, fihavaozana, faneranana izao. Tsy ho hisy ny tena fihavaozana raha tsy ao amin'Andriamanitra....

> Vakiteny I :Ekl. 3:2-6,12-14,
> Tononkira :Sal. 128:1-2,3,4-5,
> Vakiteny II :Kol. 3:12-1,
> Evanjely :Mt. 2:13-15,19-23,

Fianakaviana masina no iantsoana ny Fianakaviana tao Nazareta satria eo anivony ilay Masina dia i Jesoa. Tsara tokoa ny mamerina manazava fa ny atao hoe "masina" dia izay miombona amin'Andriamanitra izay hany masina. Masina ny Fianakaviana tao Nazareta satria miombona tanteraka amin'i Jesoa izay nifidy an'i Maria sy Md Josefa ho ray amandreny.

Tsy misalasala isika àry milaza fa raha eo anivon'ny fiainantsika tokoa i Jesoa, raha eo anivon'ny fianakaviana i Jesoa dia ho masina ny fianakaviantsika tsirairay ary izany no mahatonga antsika milaza fa "Eglizy kely" ny fianakaviana. Eglizy satria misy an'i Jesoa, Eglizy satria hiarahantsika mivavaka, Eglizy satria handalinantsika ny finoana amin'ny maha Kristianina antsika, Eglizy satria hijoroantsika vavolombelona manambara tahaka ny fianakaviana masina fa eo anivony i Jesoa.

Eglizy satria manompo sy manasoa ny hafa tahaka ny fianakaviana masina tao Nazareta.

Raha mankalaza ny fianakaviana masina isika androany dia tsy hoe mahatsiaro ilay fianakaviana masina tao Nazareta fotsiny fa noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina dia tsaroantsika koa ny

fianakaviantsika tsirairay ary tena mifandray tokoa amin'ny fankalazana ny Noely izao fankalazana izao satria ny dikan'ny Noely dia Emanoela Andriamanitra eo anivontsika. Izany hoe zary fianakaviamben'Andriamanitra isika. Olo Araiky ao Aminy Isika Jiaby. Fratelli Tutti, hoy ny Papa François....

Ka ny Fianakaviana Masina tao Nazareta no irintsika ho modelintsika fianakaviana tsirairay avy. Tanteraka izany araka ny voalazantsika raha eo anivontsika i Jesoa. Aoka tsy hisalasala hampandroso azy isika.

Manaraka izany araka ny averintsika matetika rehefa isika miresaka fianakaviana eto dia amin'ny dikany malalaka ihany koa izany hoe ny fiaraha-monina misy antsika dia efa fianakaviana. Ny communauté misy antsika voatokana na pretra dia fianakaviana. Ity tanindrazantsika ity fa indrindra amin'izao andro sarotra dia fianakaviana ihany koa...

Tsy lavitra i Jesoa ary miara-dalana amin'izao Sinaody faha 7 izao: EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA " Miditra amin'ny fijanonana faha-4 isika dia ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MANDRAY AN-TANANA... Ho tonga amintsika tsy ho ela ny "lineamenta", ny torolalana handalinantsika sy hamakafakantsika ny dinika rehetra ataontsika....

Izany no ivavahantsika androany mba ho tanteraka izany teny faneva no sady vavaky ny Sinaody faha-7 izany. Miditra amin'ny fijanonana fahaefatra isika dia ny fianakaviana "eglizy kely" mandray an-tanana. Azo lazaina fa fampivondronana no ataontsika ka tena zava-dehibe ary ireo izay milaza fa tsy nikatroka hatramin'izay dia izao ny fotoana tsara hidirantsika tanteraka amin'ny dinika rehetra ary hametrahantsika tondro na repères amin'izao andro sarotra atrehintsika ka mahatonga ny maro milaza fa very fanahy mbola velona..... Mila fiovam-penitra mahery vaika amin'ny fitondran-tena ataontsika manomboka amin'ny fianakaviana "eglizy kely". Mbola ho hisy fotoana hiresahantsika mikasika ny sinaody fijanonana fahaefatra izay tena important fa handeha handinika bebe kokoa ny Fianakaviana Masina isika amin'izao famaranana ny taona izao ka hidirantsika amin'ny taona vaovao.

Raisintsika ny vavaka fanombohan'ny Eokaristia androany "Ry Andriamanitra Andriananahary mora fo, nomenao ho tahafinay ho ohatra tsara mamirapiratra ny fianakaviana masina "

**Inona ary ny ohatra velona azontsika sintonina amin'izao fankalazana ny fianakaviana masina izao.**

Maro ny ohatra tsara tiana asongadina sy ny toetra tsara izay azontsika tarafina ary horaisintsika modely amin'ny alalan'ny fianakaviana masina, anisan'izany ireto 4 manaraka ireto :

1- Fianakaviana mivavaka ny fianakaviana tao Nazareta.

Fantatsika fa tsy nitsahatra nanao ny fivahinianana masina tao Jerosalema izy ireo ary anisan'ny anankiray nataony no nisy fanambaran'i Jesoa tao an-tempoly nanao hoe : "Ato amiko ny fanahin'ny tompo, nirahina hitory ny vaovao mahafaly aho". Matetika ny korontana eo anivon'ny fianakaviana, communauté dia satria tsy MIVAVAKA ISIKA... Aoka hohavaozintsika ny fahazotoana mivavaka. Tsy mbola niova ny ezaka eto amin'ny diosezy : sabotsy andron'ny fianakaviana ka mampirisika antsika hivavaka...

2- Josefa raim-pianakaviana, ohatra amin'ny fitiavam-bady sy fitiavan-janaka ary amin'ny asa atao. Mpandrafitra no nahafantarana azy dia nivelona tamin'izany izy ary nanompo sy nanao soa ny manodidina azy araka izany talenta nomen'Andriamanitra azy izany. Izany koa no ohatra ho antsika

Aoka ny raim-pianakaviana rehetra mba ho lehilahy marina tia vady sy hamelona ny vady aman-janaka ao anatin'ny fahamarinana sy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny.

3- Fianakaviana manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

Fianakaviana mino an'Andriamanitra ary miombona tanteraka ka miaraka manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra. Io fianakaviana io dia masina satria eo anivony i Jesoa ary amin'ny alalan'izany no hanatanterahany ny sitrapon'Andriamanitra.

Aoka isika hahay hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Mampiova zavatra maro raha isika manao ny asan'Andriamanitra ary Andriamanitra hanao ny asantsika

4- Fianakaviana mahay mifanaja

Antintranterin'ny vakiteny voalohany izany ao amin'ny bokin'i Siraka, ohatra ho antsika koa ny Ray aman-dreny manaja zanaka, ny zanaka manaja Ray aman-dReny. Azo lazaina fa tamin'ny alalan'ny fifanajana no niainan'ilay fianakaviana masina tao Nazareta.

Indrisy amin'izao androntsika izao ny fifanajana eo anivon'ny fianakaviana dia toa mihena sy goragora. Miteraka olana eo amin'ny fianakaviana izany satria tsy eo intsony ny fifanajana.

Ny zava-misy aza dia matahotra ny zanaka ny Ray aman-dreny. Nefa araka ny bokin'i Siraka io dia izany fifanajana izany no mitondra amin'ny fahasambarana. Raha tiantsika ho sambatra ny fianakaviantsika dia aoka hitoetra ao amintsika ny fifanajana. Mifanaja isika raha fianakaviana mivavaka ary eo anivontsika Andriamanitra.

Fanomezan'Andriamanitra ny fahendrena ka izany no mahatsara ny hivavahantsika.

Manamafy an'izany ny fananaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, taratasy ho an'ny kolosiana "Aoka hitafy an'i Kristy isika, hitafy ny fitiavany izay feno ny hatsaram-panahy rehetra." Satria mitafy an'i Kristy isika ka mitafy ny fitiavana.

Araka ny efa nolazaintsika teo dia ataontsika eo anivon'ny fiainantsika ary ivom-piainantsika i Kristy ka amin'izay ny ankohonam-piainantsika ho Eglizy tokoa, Eglizy kely ka hahay hifanaja, hifanao soa ary dia zary fahazavana sy fanasina isika ho an'ireo manodidina antsika. Mila famantarana izao androntsika ka aoka izany tokoa isika. Raha izao tontolo izao very repère, isika manana repère dia I Jesoa. Aoka izao taona vaovao hanomboka izao hametrahantsika an'I Jesoa ho fanilo manazava ny fiainantsika fa indrindra ianareo tanora.

Ry Jesoa Kristy zokinay o, nanaiky ho tonga olombelona ianao ary nanaiky eo anivon'ny Fianakaviana Masina tao Nazareta. Mbola anatin'ny fankalazana ny Noely izahay, Emanoela ianao, Andriamanitra eto anivonay ianao koa enga anie ho eo anivon'ny fianakaviana tsirairay ka amin'izay hahalala ny farantampon'ny fahalalana izahay dia ny fahendrena. Raha feno fahendrena izahay dia hifanaja ary hifanao soa, hiasa, hanatanteraka ny sitraponao ka zary fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina anay. Arotsahy amin'ny fianakavianay tsirairay avy ny tsodranonao ka hitoetra sy hivelatra ary hamokatra ho an'ireo manodidina anay izahay. Masina Maria Renin'I Jesoa, nanabe an'I Jesoa ianao. Beazo izahay mba hiroso hamonjy an'I Jesoa ary hifikitra aminy na amin'ny sarotra aza satria Izy no fanantenana ary tsy manodoka i Jesoa Zanakao Fanantenana. Md Josefa nobeazinao I Jesoa ho tia ny asa nampianarinao azy. Maro ireo ray aman-dreny tsy mahita asa. Mivavahà ho azy ireo hahafahany manabe ny ankohonany. Mivavahà mba tsy ny fianakaviana no misedra mandrakariva ny tsy rariny vokatry ny fiovan'ny toetr'andro izay tena mafy ankehitriny. Ankininay aminao ireo Mpitondra anay jiaby mba hanana ny toetranao izy ireo, ho marina ary matahotra an'Andriamanitra. Amen

MomperaArseveka Mgr Benjamin Ramaroson